# Mpitolon'ny kianjan'ny 13 mey
## Hiaro ny HCC amin'ny fandrahonana mahazo azy ireo 2


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 5 janoary 2019 Laharana 857 Vidiny : 400 Ar


**Ohabolana 2: 6** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 99), Madagasikara 02 janoary 2019


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Ankadilalana- Tsimbazaza** 5

# Nandositra ny mpitolona ny Préfet



**Raharaham-pirenena** 5

# Vaky ny adin'ny ministry ny fiarovana sy ny Préfet



**FILAN-KEVITRY NY TANÀNA CUA** 3

## Mandinika ny tetibola amin'ity taona 2019 ity



**Ady vokatry ny hamamoana** 6

## Raim-pianakaviana maty voatsatok'antsy

**Tranga** 6

## Olona 2 sy biby 2 main'ny taribihin'ny Jirama

**Hetsika politika** 3

## Mila mitandrina amin'ny mpanararaotra

**Daka kely**

Ho very maina io volabe aparitak'ialahy isany io ry Boaikely a !

**K 25 La Réunion** 2

## Mitsipaka ny fifidianana tsy natao tam-pahamarinana



PRAIMINISITRA NTSAY CHRISTIAN

# Mihevitra ny hamoritra mpanao gazety

Notorian'ny Praiminisitra Christian Ntsay ho nanao fanakorontanana ny filaminam-bahoaka sy fanohintohinana ny fiandrianam-pirenena, ireo mpitarika ny hetsika eo amin'ny kianjan'ny 13 mey, ahitana an'i Me Hanitra Razafimanantsoa, Fidèle Razara Pierre, Eliane Bezaza, Faniry Erinaivo, Rolly Mercia ary ny mpanao gazety Fernand Cello. Ny mahagaga anefa dia am-pilaminana tanteraka no nanaovana ny hetsika ary tsy nisy ny fihoarampefy. Vokatry ny fanakanana ny fidirana tao amin'ny kianjan'ny 13 mey kosa no nahatonga ny sakoroka ny alarobia lasa teo, fa tsy avy amin'ny mpitolona na ny mpitarika akory. Mipetraka eto ny fanontaniana, mba iza loatra aza no mpanolotsainan'ingahy PM ao ? toutes les personnes impliquées


DE CE QUI PRECEDE :

- Déclarer Mbola Joseph RAJAONAH, Fidèle RAZARAPIERA, RAHAJASON Harry Laurent, Eliane Virginie BEZARA, Fernand CELLO, James RATSIMA, Faniriscoa Ernaivo ainsi que toutes les autres personnes impliquées coupables d'atteinte à la sureté intérieure de l'état et participation à une manifestation interdite ;
- Prendre toutes mesures nécessaires pour une bonne administration de la justice ;
- Et réserver la fixation du montant des dommages-intérêts ultérieurement

Ny fitoriana nataon'ny Praiminisitra ireo mpitolona eo amin'ny kianjan'ny 13 mey.

coupables d'atteinte à la sûreté intérieure de l'état et participation à une manifestation interdite"... Firy moa ny isan'ny olona teny amin'ny 13 mey. Ny mahagaga dia samy depiote i Maître Hanitra Razafimanantsoa sy Rossy ! samy mpanao gazety i Fidèle Razarapiera sy Lalatiana Rakotondrazafy ary samy mampiseho ny maha izy azy avy. Ny mpomba ny kandida 25 nampanantsoina. Ny andaniny mpomba ny kandida 13 kosa dia manohy ny fanaony manala baraka olona, tsy atao n'inona na inona satria azy ny Praiministra. Mbola tsy tena eo amin'ny fitondràna ve ny MAPAR fa vao Praimininitra avy aminy no mitondra dia efa izao sahady no zava-misy ? Tsy misy fanonganam-panjakàna sy fanozongozonana mpitondra anie eto fa fitakiana ny marina tamin' ireo halabato nivandravandra tamin'ny fihodinana faha 2 e ! Tadidio Andriamatoa Praminisitra fa ireo olona ireo no nametraka anao teo amin'io seza volamenanao io, fa tsy ny MAPAR irery, Praiministry ny marimaritra iraisana ianao tamin'izany. Sa ianareo ilay nitsipa-doha lakana nitana ? Niharitra ny baomba mandatsa-dranomaso teny amin'ny 13 Mey daholo ireo tamin'ny 21 APRILY 2018, tolon'ny depiote 73, nitaky ny fanovàna teto amin'ny firenena. Ireny no azo lazaina fanonganam-panjakana satria nisy nitondra vatapaty nandevina ny fitondràna HVM ny tariky ny MAPAR tamin'izany ary niventy ny MIALA RAJAO. Dia miandry ny tohin'ny tantara ny vahoaka Malagasy raha tena sahy hisambotra ireo olona ireo tokoa ianao sy ny Préfet de police eo ambany fiadidinao.

***Helisoa***

Mpitolon'ny kianjan'ny 13 mey

# Hiaro ny HCC amin'ny fandrahonana mahazo azy ireo

Anisan'ny nambaran'ny solombavam-bahoakan'i Madagasikara, Hanitra Razafimanantsoa tetsy amin'ny kianjan'ny 13 Mai Analakely fa vonona hiaro ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na HCC ireo mpitolona mitaky ny fahamarinana eny amin'ny kianjan'ny 13 Mai Analakely. Niavaka nanomboka omaly ny hetsika tetsy an-kianja satria nanomboka nitondra sorabaventy tsy mankasitraka ny hosoka sy ny hala-bato tamin'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa ireo fikambanana sy sehatra samihafa tonga nanamafy ny hetsiky ny vahoaka malagasy mitaky ny fahamarinana sy miantso ny HCC hamoaka ny voka-pifidianana am-pitoniana tsy misy teritery. Raha tsiahivina mantsy, dia nanana sivy andro taorian' ny fametrahana fitoriana farany teny anivon'ny HCC ny mpitory tsy mankasitraka ny voka-pifidianana vonjimaika navoakan'ny CENI farany teo. Ny Talata ho avy izao mantsy no fantatra fa hamoaka ny vokatra ofisialy ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana eny Ambohidahy. Efa marobe ireo hosoka, hala-bato, fanambazana vola, fanararaotam-pahefana tamin'ny lavotondro sy ny marika, fampitoviana sonia, fidangan'ny vato hosoka azon'ny kandida laharana faha-13, sns… ary nasehon'ny mpitolona tetsy amin'ny kianjan'ny 13 Mai hatramin' ny Alakamisy teo. Andrasana arak'izany izay vokatra ofisialy avoakan'ny HCC amin'ny Talata izao. Miantso ny Ffkm sy ireo fikambanana samihafa moa ny K25 sy ireo mpomba azy mba hifanotrona sy hifanohana hiaro ny safidim-bahoaka marina tamin'iny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa iny.

***Rajo***

K 25 La Réunion

# Mitsipaka ny fifidianana tsy natao tamim-pahamarinana

Mitsipaka tanteraka ny fanaovana ny fifidianana tsy tamin'ny fahamarinana, feno hosoka sy kolikoly ny mpanohana ny K25 any La Reunion. Efa an-taonany maro izy ireo no niandry izao fifidianana izao, mba hiverenan'ny fiainan'ny vahoaka amin'ny laoniny indray. Tonga aty an-tanindrazana ny solontenan'izy ireo hanohana ny tolona ataon'ireo mitaky ny fahamarinana, mila ny fahamarinana ny vahoaka Malagasy, hoy ny filohan'ny K25 La Réunion, Ramatoa Razafitsalama Sylvie. Mitodika manokana amin'ny HCC ireto Malagasy mila ravinahitra any ivelany ireto, mba tsy hanao jery mitongilana sy hamoaka ny voka-pifidianana amin'ny fahamarinana. Melohan'



*Ireo avy amin'ny K25 La Réunion.*

izy ireo hatrany koa ny fanakanana ny vahoaka tsy haneho ny heviny sy hitaky ny fahamarinana etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey. Misy ny fanambarana nataon'izy ireo momba izany: izahay K25 avy any La Réunion dia manao izao fanambarana manaraka izao: manameloka tanteraka ny halabato goavana nataon'ny kandida N°13 teto amin'ny firenena nandritra ny fihodinana faha 2 iny, ka nahatonga izao savorovoro izao. Hamafisinay etoana fa tsy manaiky ny valim-pifidianana tsy marina sy nitongilana navoakan'ny CENI izahay. Noho izany, dia manohana ny hetsiky ny vahoaka Malagasy mitaky ny fahamarinana etsy amin'ny kianjan'ny 13 Mey izahay, ary tonga mihintsy eto an-tanindrazana manatevin-daharana izao hetsika am-pilaminana izao. Ny mampalahelo anefa dia voasakan' ny herim-pamoretana ny Malagasy tanampolo mitaky ny fahamarinana. Voahitsakitsaka ny zo fototra maneho hevitra fa mitady hanjaka ny herin' ny vola. Eto dia mitodika manokana amin'ny HCC izahay mba hijoro hampanjaka ny fahamarinana eto amin'ny firenena, ka hamoaka didy tsy voavidim-bola, mba tsy hiverenan'ny krizy lava reny intsony, izay efa niharetan'ny vahoaka nandritra ny 5 taona. Ny olona nanao hosoka sy nangalatra dia tokony hampiharina aminy ny lalàna. Eto am-pamaranana dia manohana tanteraka ny hivoahan'ny fahamarinana izahay avy aty dilambato, ary hitaky ny zonay ahafahanay mifidy amin'ny fifidianana rehetra misy eto amin'ny firenena. Masina ny tanindrazana hoy ny fanambarany.

***Serge***

Fanehoan-kevitra sms :
034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

# Hanaiky hatrany ho toy ny "haza sy nofon-kena an-tanan-tsaka" ve ny Malagasy ?

Tato anatin'ny 10 taona izao dia nihamafy ny geja atao amin'ny firenena sy ny vahoaka Malagasy. Geja izay mihàtra indrindra eo amin'ny lafiny politika sy ny fitantanam-pirenena. Misalobo-komana amin'izany ny olom-bitsy teratany Malagasy, karana mpanefoefo eto an-toerana, ary vahiny any ivelany ka lohany amin'izany ireo mpanao politika maloto frantsay. Ireto farany dia miafina hatrany ao ambadiky ny hoe "fianakaviambe iraisam-pirenena", ary tsy miahotra manao tsindry amin'ny endrika samihafa na mivantana na an-kolaka tsy hitan'ny valalabemandry. Ho an'ny olom-pirenena mahatsiaro ho tompon'andraikitra amin'ity fireneny ity sy ny mpandalina dia mahita fa miezaka hatrany ireo sokajin'olona ireo mamikitra ny firenena sy ny vahoaka tsy ho afa-miala amin'ny sori-dalana soritany, izay manafina ny kajikajy politika maloto tsy mikendry hafa-tsy ny tombontsoany manokana. Fihatsarambelatsihy mazava loatra no betsaka fonosin'izany politika firaisan'izy ireo petsapetsa izany amin'ny mody filazana mandrakariva ny amin'ny tombontsoa ambonin'ny firenena. Anisany ihany koa ny amin'ny hoe: fitoniana izao no ilain'ny vahoaka Malagasy fa tsy mendrika azy intsony ny korontana. Mety ho marina ihany angamba izany amin'ny lafiny iray tokana, fa miendrika fanasana ati-doha sy fanampempoana tsotra izao ny vahoaka no dikan'izany. Ao anatin'ireo teny ireo ilay fihatsarambelatsihy fikendrena politika maloto kasaina hotanterahina eto amin'ity firenena ity n'inona n'inona ambara sy fanazavana. Ho an'ireo olom-bitsy sy sokajin'olona ireo dia toy ny "haza na nofon-kena an-tanan-tsaka" ity firenena ity sy ny vahoaka Malagasy satria ahitany tombontsoa goavana ka hazonina amin'ny fomba rehetra azo atao tsy ho votsotra eo ampelatanany. Tsy tongatonga ho azy ireny an-kamely tampoka teny amin'ny Parvis Analakely ireny niantomboka ny Alarobia 02 Janoary lasa teo iny, fa misy antokon'olom-bitsy ao anatin'izy ireo no mibaiko sy ati-doha amin'izany. Ho an'ireo olom-bitsy teratany Malagasy, mpanao politika maloto sy efa mpanefoefo noho ny harena norobainy tsy ara-drariny teto, dia tsy olana ho azy raha lafo ambongadiny any aza ity firenena ity, ka vahiny no hanjakazaka eto. Tsy levon'ny vavonin'izy ireo raha misy Malagasy tafasandratra ara-piharian ka mety hifanandrina aminy sy haharesy azy eo amin'ny raharaham-pirenena. Tsy maintsy ifarimbonan'izy ireo ny manapotika tanteraka izay olona toy izany eto satria mety ho vaki-barara ny teti-dratsiny. Tsy olana ho an'ireo olona ireo izay hanjo ny taranaka any aoriana any na hiafara amin'ny manjo ireo olona mahantra tany Inde fahiny izay lasa natao anjorom-bala, sy toy ireo amérindiana any Etazonia, mponina voalohany sy tompon-tany, izay zara fa misy mpahalala amin'izao fotoana izao. Tsy azo ekena ny hanaovana ity firenena ity ho toy izany ary raha mbola Malagasy tia tanindrazana koa dia tsy hanaiky marindrano izany velively. Nataon'Andriamanitra ho an'ny Malagasy ity Nosy ity fa tsy ho an'ny vahiny sy hanjakany. Ny Malagasy no masi-mandidy eto amin'ny taniny, ka ny mifanohitra amin'izany dia lavina marindrano. Ampaherezina araka izany ireo Malagasy maro an'isa saro-piaro fatratra amin'ity firenena ity ary mijoro hampanjaka ny fahamarinana eto, fa fotoana tokoa ijoroana izao hanapahana ny geja sy fatotra hanaovana antsika ho toy ny "haza sy nofon-kena an-tanantsaka".

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fitakiana ny marina : miantso olompirenena tia tanindrazana sahy mijoro

Niaraha-niaina ny tsy fahatomombanana na ny lesoka tsy tambo isaina ninian'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana natao sy noheveriny nampandaniana ny kandidà laharana faha-13 efa hatramin'ny fihodinana voalohany. Marina fa betsaka ny fanakianana sy fitoriana tamin'izany saingy tsy dia nampiraika loatra ny Malagasy satria samy efa nahita dieny mialoha fa hisy ny fihodinana faharoa. Mbola nihevitra ity andrim-panjakana ity fa mbola ho toy izany ihany tamin'ny fihodinana faharoa, kanjo… voaporofo tamin'ny biletà tokana tsy nisy laharana izay voamarina. Teo koa ireo karapanondro sy kara-pifidianana hosoka. Ny tena nahavariana dia ny fikirakiran'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana niainga tamin'ireo fitanana an-tsoratra nalaina sary (PV scannés) izay nasiana hosoka. Nisy koa ny fitakian'ny K25 fampitahana ireo biletà tokana sy ny fitanana an-tsoratra izay nekena kanefa noferana tamin'ny ora farany ny fotoana nanatanterahana izany ary nihazakazahana ny fanolorana ny vokatra vonjimaika tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana taorian'izany dia nisy ny hetsi-bahoaka nitaky ny fanajana ny safidiny satria tsy marina sady tsy nijery ireo hosoka sy halabato ny vokatra natolotra ity andrim-panjakana ity. Nanomboka ny Asabotsy 29 Desambra 2018 ny hetsika teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey, manolohana ny Lapan'ny Tanàna. Tsy hetsika entina hitakiana ny fampandaniana kandidà izany fa fitakiana ny hamoahana ny voka-pifidianana tena marina. Raha nikabary ny filoham-pankana ny 31 Desambra 2018 niarahabany ny vahoaka Malagasy nahatratra ny hasaramanitra ary nanamarihany fa tsy mendrika ny olompirenena intsony ny fifidianana misy hosoka sy tsy marina. Navela nanao fety teo anivon'ny fianakaviana ny faran'ny taona sy ny taom-baovao ka tsy nisy ny hetsika teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey. Nitohy kosa ny hetsika ny Alarobia 2 janoary 2019 ka efa nitsangana ireo "écrans géants" niisa telo. Tsy navelan'ny mpitandro ny filaminana niditra tao amin'ny "parvis" anefa ireo vahoaka izay naparitany tamin'ny alàlan'ny baomba mandatsa-dranomaso, tsy voaisa intsony, ny atoandro sy ny folakandro. Nanolohana iny toe-draharaha iny dia niaraha-naheno ny fanambaran'ny Minisitry ny Fiarovam-pirenena fa natao hiaro ny vahoaka sy ny fananany ny mpitandro ny filaminana fa tsy ho heri-pamoretana ka hanakana ny olompirenena tsy haneho ny heviny. Azo hinoana fa na nisy ny fanambarana na tsia dia tsy nahasakana ny vahoaka tsy ho tonga tao ankianja izany ny Alakamisy 3 Janoary 2019 ary tonga tao koa ny mpitandro ny filaminana izay nanakana ny fidirana ny kianja. Ny mpibaiko azy ireo dia nanizingizina fa fanatanterahana baiko ny azy ka raha mamela malalaka ny "préfet de police" dia avelany hiditra ny vahoaka. Tsy fantatra moa na nisy nanome baiko fa dia nosokafana ny "parvis" ary tanteraka ny fampisehoana ireo porofon'ny hosoko sy hala-bato natao nandritra ny fifidianana fihodinana faharoa. Mazava ho azy fa na ny praiminisitra na ny minisitry ny atitany dia miandany ary nanao izay fomba rehetra nampandaniana ny kandidà laharana faha-13 ary manamafy sy manaporofo izany koa ny fitorian'ny praiminisitra ireo mpitarika ny hetsika ho fitakiana ny fahamarinana. Izay manaporofo ihany koa izao fihetsiky ny praiminisitra izao fa anisan'ny matahotra ny hisehoan'ny fahamarinana izy. Ny mahavariana ihany koa dia fanatanterahana fifidianana madio, mangarahara sy eken'ny rehetra no nametrahana azy eo amin'ny toerana sy nanendrena ireo mpikambana ao amin'ny governemanta ireo kanefa dia tsy nahatanteraka izany andraikitra napetraka taminy izany izy ireo raha ny lojika izany dia tokony mametra-pialana ny praiminisitra fa tsy mitory olona izay hampangaina ho manozongozona ny teorany indray. Tsy mbola nisy nitaky ny fialan'izatsy na izaroa teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey.izay midika fa tsy misy manana heritreritra hanonganam-panjakana fa fitakiana ny hamoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana ny fahamarinana izay ninian'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana nohitsakitsahana satria nolazainy fa fahadisoana ara-pitaovana ireo hosoka hita rehetra. Hinoana fa ny olompirenena tia tanindrazana mangetaheta amin'ny famoahana ity Firenena ity aamin'ny ziogan'ny fanjanahan-tany dia ho sahy hampibaribary ny MARINA.

***Andry Tsiavalona***

Hetsika politika

## Mila mitandrina amin'ny mpanararaotra

Hita sy tsapa tao anatin'izay andro vitsivitsy ikarohana ny marina etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey izay, fa sakanana amin'ny fomba samy hafa ilay fihaonambe ho entina maneho ny "marina", tadiavin'ny vahoaka, ka tonga tamin'ireny fandefasana baomba mandatsa-dranomaso ireny, nefa ny rehetra dia efa milamina ary tsy manan-tsaina ny handroba sy hiteraka sakoroka mihitsy. Tsorina anefa fa misy ireo olona efa ratsy taiza amin'ny fanararaotana eny amin' ny manodidina, ka ny tombontsoany dia ny hahazo trano sy toeram-pivarotana hatrany raha vao misy ireo baomba mandatsa-dranomaso mampitahotra ny mpanao fihetsiketsehana, na ireo olona mihazakazaka eny an-toerana. Ny teny Soarano sy Behoririka ohatra, raha vao nandre ny feo fa misy gidraka ao Analakely, ny alarobia sy alakamisy teo dia ny nanakatona trano fivarotana no hany vahaolana, ary ny ankilany, ireo mpangalatra dia efa nanao sinto-mahery tamin'ireo olona izay tratrany sy ireo magazay na mpivarotra an-tsisiny sendra azy ireo. Mazava arak'izany fa tsy tokony ho ireo mpangataka ny marina eo amin'ny kianjan'ny 13 mey no atao lasibatry ny tafika, fa ireo mpandroba eny amin'ny manodidina, raha ny tenin'ireo mpivarotra teny Soarano sy Behoririka. Tsy aleo ve hoy ny maro, ireo polisy sy zandary ary tafika mba hihataka lavidavitra sy hanao tifidanitra, ka sady miambina ny eo amin'ny kianja, no mifehy ireo mpandroba efa miandry eny amin'ny sisiny, mba ho fanatrarana ny marina hatrany, eo amin'ny mpitolona, sy ny mpitandro filaminana, ary indrindra mba ho fampianarana ireo ratsy saina mpandroba, hitodi-doha amin'ny fahamarinana.

***Beharo***

Filan-kevitry ny tanàna CUA

## Mandinika ny tetibola amin'ity taona 2019 ity

Nanomboka omaly ary haharitra 10 andro ny fivoriana ara-potoanan'ny mpanolotsainan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Fivoriana voalohany amin'ity taona vaovao 2019 ity. Ny laha-dinika amin'izao fivoriana voalohany izao dia ny fandinihana ny tetibola hiasana mandritra ny taona 2019 ho an'ny CUA. Ny andro 5 voalohany dia natokana handinihana izany tetibola izany, fa ny andro faha 6 sy faha-7 kosa dia natao hanaovana asambaomiera, aorian'izay ny tatitry ny asa sy ny mety ho fanitsiana raha hisy tokony hahitsy. Kendrena amin'ny andro faha-10 no hanapahana ny tetibolan'ny kaominina amin'ity taona ity. Marihina fa tratra tanteraka ny fetr'isa amin'ny anantanterahana izany ho fandaniana ny teti-bola izany, satria nihoatra ny antsasamanilan'ny mpanolotsaina no tonga niatrika ny fivoriana fanokafana, izay notarihan'ny filohan'ny filan-kevitry ny tanànan'Antananarivo, kolonely Faustin Andriambahoaka, nanome voninahitra ny fotoana ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanàna, Olivier Randrianarisoa, ny sekretera jeneralin'ny Kaominina, Heriniaina Razafimahefa ary ny tale misahana ny fitantanana ny volan'ny kaominina, Ny Riana Andriamasinoro.

***Isambilo***

## NY TENY FIAINANA



*Ohabolana 14:19*

*Ny ratsy fanahy miondrika eo anatrehan'ny tsara fanahy, ary ny meloka dia eo am-bavahadin'ny marina.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

### Hita tamin'ny écran géant avokoa ny halabato tamin'ny fihodinana faha-2

**Arp Helisoa** : mipetraka mihaino sy mijery tsara ny halabato nataon'ny 13 tamin'ny fifidianana ny mpitolona ho an'ny fahamarinana eto aminy kianjan'ny 13 mai aminy Ecran geant.

**Raivo Rakotoarivelo** : ntsooooo misy dia marary fo be mihintsy mahita ny olona mijery écran géant misy mpitsikilo izao any ho any fa tsy sahy miditra lalina jerijereo fa sao mandroba indray.

**Malala N'Tonio** : hendry be ny Zanak'i Dada an!

**Hery Na Rivo** : dia rehefa avy nijery écran géant dia ahoana? Amin'izay manipulés à bloc ny vahoaka ve dia mora ny mitaona azy hikorontana raha sanatria mifanohitra @ eritreritry ny mpitarika ny résultats avoakan'ny HCC? Dia ho aiza i Gasikara? Mba mandiniha re olona a !

**Tantely Rovasoa**: hendry ny mpitaky ny fahamarinana, enga anie hitsara araka ny tokony ho izy tokoa ny HCC.

**Robson Rijason Olivier** : aleo hiseho ny marina.

**Zé Gasy** : marina marina foana tsy azo afenina na dia manafina zany aza reo mpangalatra.

**Tassy Ranarivelo** : de hotahin'Andriamanitra ianareo.

**Mami Rani** : tena hendry b dhl e ts mba saala ny an'ny 13 tonga d loham-boto b izao, ratsy taiza e zan hono ny hosoka sy hala bato miezinezina nataonareo t@ 2 ème tour ry MAPAR isany tena nampitolagaga ny vahoaka hendry ny nanaraka izany t@ écran géant teo @ Parvis d ts menatra v reto nareo fa bola miseho mededaka etsy sy eroa ihan fa hoe efa lany hono. Tsy misy Rajoelina ho Filoha izany eo.

**Olga Rzf** : De tena zany ny zanak'i Dada, tsy miova mihintsy. Mahereza daholo.

## TONONKALO

### Ry mpitandro filaminana !

(ho fiombonan-kevitra amin-dRamatoa Fanirisoa Ernaivo)

Ry mpitandro filaminana eto Madagasikara.
(Ry polisy , ry zandary , miaramila raha ambara ).
Mampisento ny vahoaka irony tranga tato ho ato,
Ka tsy mahagaga angamba ilay `nareo voatora-bato.

Any ambanivohitra any , be ireo mitaraina mantsy
Fa milaza ho tsy matory na koa mandry an-driran`antsy.
Ny dahalo no manjaka , nefa misy ny miteny
Hoe mpitandro filaminana no ao ambadik`izy ireny.

Tsy mba mandry fahalemana na an-tsaha na an-tanàna.
Isan`alina dia re ny halatra sy fandrobana.
Tsisy intsony hosarangotina , ary tsisy mba hiankinana.
Fa dia tena mihalangalana ny mpitandro filaminana.

Amin-javatra tsy ampoizina , indreny anefa anie `nareo
Fa dia manemitra ny kianja sy arabe ka mankaleo !
Tsy hoe dia hisy raharaha heverina ho mafanafana,
Fa dia ny hampihorohoro no hamenoana ny tanàna !

Koa tsy misy mahagaga raha mipoaka izay mipoaka,
Ary mihamahazo vahana irony fitsaram-bahoaka,
Izay midika sy milaza fa tsy azony ianteherana
Na ireo manana ny hery na ireo izay avo toerana !

***DADAN`i ZINA (05-11-18)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny hetsiky ny mpitaky ny fahamarinana tetsy amin'ny kianjan'ny 13 Mai.













Ny fisokafan'ny fivoriana ara-potoana voalohany ny mpanolo-tsainan'ny tanànan'Antananarivo omaly.






## Ohabolana 2: 6

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 99), madagasikara 02 janoary 2019

***Ohabolana 2: 6 "Fa IZAHO Jehovah no manome fahendrena; Avy amin'ny vavaKO no ihavian'ny fahalalana sy ny fahazavan-tsaina."***

IZAHO JEHOVAH no Tompon'ny FAHAIZANA, FAHALALANA, FAHENDRENA, izany no mahatonga AHY JEHOVAH mitoetra eo amin'ny faratampony ambony izay vao mivelatra ambany eo amin'ny taninareo. Izay miara-mandeha AMIKO ihany no mandray izay avy AMIKO. Sary sy fanazavana no nataoko ary na dia ny Malagasy aza dia manana fiteny toy izao, satria mahalala izy ireo: ***TOKO TELO mahamasa-nahandro.*** Tsy velona ny zava-manan'aina iray raha tsy misy AFO eny na dia hianareo olombelona ireo aza, raha mihoatra ny hafanana dia misy tsy mety izay ny vatana, raha midina ny hafanana dia mampitahotra ny fahavelomana. Ao ny AFO mamelona ny nofo fa ao koa ny AFO mamelona ny Fanahy. Diniho dia araho tsara ny AFONAO fa tsy tokony ho faty, io no kendren'i losifera ho vonoina mba hahafahany miditra eo amin'ny fiainanao sy mibaiko anao. Arovy ny AFO ao aminao ary aoka hiasa sy haharitra hatramin'ny farany. Ny AFO dia miasa amin'ny sehatra rehetra fa izany no namoronako azy. Tokony manana AFO ianao, ny tokantranonao, ny asanao, ny fanompoanao indrindra fa ny Fiangonana misy anao ary ny Firenenao. Jereo tsara dia diniho izany ambarako aminao izany, sao dia efa maty ny AFO ka mahatonga ny fiainanao tsy mandeha, mikorontana, sao dia maty ny AFOn'ny Fiangonana sy ny Firenenao ka dia ambony ambany sy fahaverezan-kevitra sesilany no misy, ary ny Firenenao??? Anjaranareo ny mandinika fa ilaina ny AFO ary tokony tsy ho faty mihitsy. Mba fantatrareo? Maty ny AFOn'ny Firenena dia tsy misy na inona na inona ary ho any amin'ny fahaverezankevitra ny maro mandra-pahatongan'ny AFO eo aminy indray. Handatsaka AFO eo amin'ny tany AHO ka manan-jara izay ilatsahany. Raha vao milatsaka ny e! Ny firaisan'ny mino dia efa AFO miredareda tsy mety maty avy amin'ny alalan'ireo dingana ireo. Ny adala irery ihany no tsy mahalala ny atao hoe : FAHAMARINANA ka hoy izy, ***Salamo 53: 1*** *"Ny adala manao anakampo hoe: tsy misy Andriamanitra. Manao izay ratsy sy vetaveta izy, tsy misy manao ny tsara."*Dia hoy ny ***andininy 2-3*** *"Ety andanitra AHO JEHOVAH miondrika mijery ny zanak'olombelona, mba hizaha na misy hendry mitady AHY. Samy efa nivily izy rehetra ka tonga vetaveta avokoa; tsy misy manao ny tsara, na dia iray akory aza."* Raha vao tonga eo amin'ny tany AHO JEHOVAH dia amin'ny AFO AHO no tonga, amin'ny HERY sy FAHEFANA ary tsy misy mahasakana AHY fa hamonjy ny mponin'ny tany AHO. Ny AFO dia miainga ao amin'izay manana ny FINOANA, FANANTENANA ary ny FITIAVANA, aza hadino ny FAHAMARINANA sy ny FAHAMASINANA, miainga ao amin'ny olona izany. Ho faranako ary ny amin'ny AFO, ny AFO mirehitra, mazava, manazava sy miampita ary mahavita ny asany ihany no atao hoe "AFO". Ny AFOn'ny Lanitra ihany no marina sy maharitra ary avy AMIKO fa ny afon'ny tany kosa sady mamono, manakorontana, mandrava, sandoka, mitsilopilopy, mora maty ary rehefa maty tsy velona intsony. Aza hadino fa ny kintana izay ho hitanareo dia AFO, ny Fifohazampanahy ho avy eo aminareo tonga amin'ny alalan'ny AFO, izay ho ampiasaina amin'izany sy fitaovako amin'izany dia olona manana AFO, ny Teny hambara amin'izany fotoana izany dia "TENY AFO" ka mamono ny sandoka ary mamelona ny FIRENENA. Manomboka eo ny AFO no tonga amin'ilay ASA LEHIBE ary tsy maty intsony fa tazonin'ny anjely mandra-pahatongan'i JESOSY eny amin'ny rahon'ny lanitra. AFO no hanoratra ny zavatra rehetra eny amin'ny lanitra ka tsy misy afaka handa sy hifanondrotondro toy izao fahitako anareo ankehitriny izao. Toy izao ny Soratra hiseho eny ary hisy dikany isam-pirenena, diniho tsara.



AFO avy aty ambony dia izay fa tonga ilay ASA LEHIBE na ilay antsoinareo hoe : "FIFOHAZAM-PANAHY", AFO farany hanova sy hamelona io ary hamboatra sy hamerina amin'ny laoniny ny zava-drehetra indray. Aoka tsy ho hadinoina mihitsy fa IZAHO JEHOVAH dia miseho amin'ny AFO, ***Eksodosy 3: 2.*** Ho avy eo aminareo AHO hanoro sary, sarin'olombelona izay milaza ny mahasarobidy sy maha-saro-pady anareo hatrany ambony ka hatrany ambany. Izany no maha-saro-piaro AHY ny aminareo. Toy izany koa ny tany onenareo. Maty ny AFO ka dia mikorontana hianareo, miady sy mifanome tsiny ary mifampitsaratsara tsy misy farany. Aiza ny AFOm-pitiavana? Ny afom-pahendrena? Maty daholo izany, afo sandoka sisa. Averiko izany ary tokony tsy ho faty instony. Ny fiverenany? Ianao mino izay lazaiko, manaiky an'i JESOSY fa Mpanjaka, mandroso ao amin'ilay Batisa dimy. Ny tsy fantatrao anie dia izao

Mbola hitohy
Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## RAHARAHAM-PIRENENA

# Mikomy amin'ny ministry ny fiarovana ny Préfet

Raha nizotra tampi-laminana ny hetsika nataon'ny vahoaka mitaky ny fahamarinana teo amin'ny kianjan'ny 13 mey ny alakamisy lasa teo, afaka nijery ny écran géant, nampisehoana ny halabato nataon'ny kandida N°13 navoakan'ny CENI ny rehetra dia ny mifanohitra amin'izany indray no niseho ny andron'ny omaly. Valalanina ny vahoaka satria misy zavatra mifanohitra ihany ny fanapahan-kevitra raisin' ny mpitondra fanjakàna. Ny minisitry ny foloalindahy manome malalaka ny vahoaka hanao ny fitakiana, ny miaramila kosa amin' izay maka ny andraikiny mitandro ny filaminana eny ivelany sao misy ny mihoa-pefy. Mifanohitra amin'izany anefa ny baikon'ny Praministra amin'ny alalan' ny prefektora, fa tsy azo atao ny manao fihetsiketsehana eo amin'ny 13 mey, ho sakanana amin' ny fomba rehetra ny fidirana ao araka ny nambaran'ny lehiben'ny EMMO teny an-toerana satria izay no baiko azony. Izao no midika fa misy tsy fifanarahana ao ambony ao amin'ny fibaikoana ny mpitandro filaminana, mikomy amin'ny ministry ny fiarovam-pirenena ny Préfet de police Angelo Ravelonarivo sy ny Praiministra. Raha baiko miaramila na inona na inona antony dia ny ministra no tompon'andraikitra voalohany fa tsy sivily, na sanatria ny Préfet. Mbola tan-dalàna ve i Madagasikara amin' izao satria lasa olona sivily ankehitriny no mibaiko ny miaramila raha ny fitazana azy ety ivelany. Ny lehiben'ny tafika farany ambony, minisitry ny foloalindahy mantsy lasa tsy inoan-teny eto amin'ny firenena. Manoloana izany rehetra izany, na inon-kihàtra na inon-kidona, tsy ahasakana ny vahoaka mitaky ny fahamarinana ny ramatahora, fa hijoro hatrany, ho avy marobe eo amin'ny kianjan'ny 13 mey anio sabotsy hitaky ny fahamarinana teo amin'ny fifidianana fihodinana faha 2 izay nanjakan'ny halatra sy hosoka faobe, ny vahoaka mpitolona amin'ny fahamarinana.

***Helisoa***

## Ankadilalana- Tsimbazaza

# Nandositra ny vahoaka mpitolona ny Préfet de Police

Voabahan'ny mpitandro ny filaminana tsy afa-niditra tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely indray omaly, ireo mpitolona mitaky ny fahamarinana amin'ny fifidianana. Nisy ihany ny fifampidinihana natao'ireo mpitarika tamin'ireo mpitandro filaminana teny antoerana, saingy tsy nilefitra mihitsy ireo mpitandro filaminana satria nahazo baiko avy amin'ny Préfet de Police indray izy ireo araka ny voalazan'ny kolonely zandary iray izay mpitarika ireo mpitandro filaminana ireto tetsy Analakely. Nantsoina ny Préfet, ny jeneraly Angelo Ravelonarivo, saingy tsy azo, koa dia nanapa-kevitra ireo vahoaka marobe tonga tetsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely, nihazo an'Ankadilalana- Tsimbazaza, misy ny biraon'ny Préfet de Police an'Antananarivo. Tsy tratra tao anefa Ingahy Préfet, fa dia nandositra ireto vahoaka saika hihaona taminy ireto, vahoaka saika hangata-panazavana aminy ny fisakanany indray ny hetsika etsy an-kianja. Raha ny fahitan'ny mpanara-baovao azy dia toa lasa kilalaon-jaza ny ataon'ny Préfet sy ny Praiministra momba ity raharaha ity, malalaka androany dia rahampitso indray sakanana. Arakan y vaovao voaray, misy hatrany ny vola omen'ny mpomba an-dRajoelina ireo mpitandro filaminana manao famoretana ireo, ny zava-misy anefa araka ny efa voalaza tamin'ity gazetinao ity ihany, tsy mitovy fa samihafa ny tambinkarama omena ny zandary sy ny polisy andaniny, ary ny tafika ankilany. Efa misy ny fimenomenonana mahakasika izay. Na izany na tsy izany, hifamotoana etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey anion y vahoaka mpitolona mitaky ny fahamarinana amin'ny fifidianana.

***Isambilo***

## Boriboritany faha-3 (CUA)

# Niarahaba ny mpitantana ny mpiasa

Nanolotra fanomezana ho an'ireo mpitantana ao amin'ny Boriboritany fahatelo kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ireo mpiasa rehetra avy ao amin'ity boriboritany ity, amin'izao nahatratrarana ny Asaramanitra ny taona vaovao 2019 izao, sy ho fifampiaharabana teo amin' izy ireo. Notolorana fanomezana tamin'izany ny Delegen'ny boriboritany Razafintsalama Hery sy ireo Lefiny, izany lanonana izany dia notontosaina afak'omaly maraina, tetsy amin'ny biraon'ny Boriboritany tetsy Antaninandro. Nisy ihany koa ny fifampizarana ny mamy toy ny chocolat sy vatomany ho an'ireo mpiasa sy ny mpitantana, mba ho mamy hatrany ny fiarahana eo amin'ny andaniny sy ny ankilany amin'ity taona ity, hoy izy ireo. Ny solontenan'ny mpiasa dia nitsodrano ireo mpitantana mba hahavita soa ireo adidy izay miandry azy eo anivon'ny boriboritany. Araka izany dia nankasitraka an'ireo mpiasa ny mpitantana amin'ny fanomezana sy ny fifampiarahabana sy ny firarintsoa azy ireo. Nandrisika ny mpiasa hatrany hatrany amin'ny fanatontosana ny asa mba ho tsara kokoa nohon'ny taona lasa ny delegen'ny Boriboritany. Nampanantena ihany koa izy ireo fa vonona hatrany hifanohana sy hampandroso ny asa rehetra eo anivon'ny boriboritany. Mbola hisy ny fihaonana miaraka amin'ny mpiasa rehetra hoy ny Delege amin'ity volana ity.



*Ny fifampiarahabana tetsy amin'ny Boriboritany faha-3.*

***Aly***

ADY VOKATRY NY HAMAMOANA

## Raim-pianakaviana maty voatsatok'antsy teo amin'ny masony sy takolany

Zava-doza no nitranga ny folakandron'ny 01 janoary teto Antanifotsy, Sambava, raim-pianakaviana iray tokony ho 40 taona eo ho eo no maty vokatry ny ratra nahazo azy nandritra ny ady. Araka ny fitantaran'ireo nanatri-maso dia avy nisotrosotro tao an-tranony ilay rangahy, ka mba somary nivoaka kely fa olombelo tsy akoho, tazany anefa ireo namany 3 lahy nirevirevy teo an-davarangana, ka nanatona niarahaba azy ireo tratry ny taona ity raim-pianakaviana ity, satria olona mifankahalala tsara ry zareo ireo, nandritra izany anefa dia nandrora tamin'ny tany ity raim-pianakaviana ity, ka tezitra ny iray tamin'izy 3 lahy, ka nanontany hoe .inona no antony mampandrora anao, izahay anga maimbo ? namaly ity farany, tsy ianareo no handrorako fa mba nangidy ny vavako, tsy tapitapitra io valin-teny io dia tefa-tsofina avy hatrany no niantefa teny aminy. Raikitra ny ady totohondry teo amin'izy 2 lahy, tsy naharesy tosika anefa ilay voalohany ka nampy niditra an-tsehatra indray ireto namany 2 lahy, izay marihina fa mpirahalahy izy telo ireo, tsatok'antsy teo aminy, sy teo amin'ny takolany no niantefa teny amin'ity farany ity, ka nidaboka nianjera ary dia nitsakisina izy 3 mirahalahy teo, ka tsy nanan'aina hamaliana intsony ity raim-pianakaviana ity, nentin'ny havany teny amin'ny Hopitaly, mbola tsy nanomboka akory ny fitsaboana dia afaka ny ainy. Taitra avy hatrany ireo mpikambana avy amin'ny zanakin'i Vangaindrano izay miaramiasa amin'Itompokolahy ka handeha hamaly faty ny havany, saika hanao maso solon'ny maso mantsy ry zalahy ireo; soa ihany fa ny tany misy olobe tsy miady zaza, hoy ny fitenin'ny Ntaolo, ka nanao fanelanelanana ireo ray amandreny sy ireo mpitandro filaminana taty an-toerana, sady nanao ny raharaham-pihavanana, tapaka fa hiantohan'izy 3 lahy namono ny lany rehetra amin'ny fikarakarana ny razana, indrindra fa ny fandefasana ny razana any Vangaindrano, ka lelavola mitentina 10 tapitrisa Ar no natolotr'ireto nahavanon-doza ireto, nanaiky ihany anefa ny fianakavian'ny andaniny satria, mbola nijery ny fiarahamonina amin'ny andavanandro, ny tena rahateo mpila ravin'ahitra. Somary nanahirana ihany anefa ny fikarakarana ireo antonta-taratasy noho ny andro fety ny ampitson'io. Tena efa mihabiby mihitsy ve ny zanak'olombelona, sa ny toaka no mampivadika ati-doha, rora nalatsaka amin'ny tany ve dia handatsahana ain'olona amin'ny fomba feno habibiana tahak'izao.

***Zaka***

Tranga

## Olona 2 sy biby 2 main'ny taribin'ny herinaratry ny Jirama

Namoa-doza ny fahasimban'ny andrin-jiron'ny Jirama ny sabotsy faran'ny herinandro teo. Rangahy iray sy ramatoa niaraka tamin'ny kisoa noroahiny no main'ny tariby mitondra herinaratra tao amin'ny kaominina Alakamisy Ambano Antsirabe II. Vokatry ny fahanteran'ilay andrin-jiron' ny Jirama, nampian'ny orana sy rivotra nifofofofo, dia nianjera ilay andry hazo. Tsy nianjera tamin'ny tany kosa ireo tariby, fa mbola nikirazorazo teo. Tokony ho tamin'ny 4 ora maraina tany, dia nisy rangahy roa mpivarotra voankazo nandalo teo. Mailo avy hatrany ilay iray, ary nilaza fa tsy handalo eo noho ny tahotra. Nilaza ny tsy matahotra kosa ilay iray satria nikiraro. Asa anefa izay nahazo azy fa tampoka teo dia voarain'ny herinaratra izy. Hitan'ilay namany tsara izany, ka avy hatrany dia ny niverina namonjy tanàna niantso vonjy izy ary nilaza fa maty main'ny herinaratra ao ilay namany. Rehefa nirodorodo teny ny olona, dia akory ny hatairana fa tsy teo intsony ilay rangahy fa ny patalohany, ny satrony ary ny kapa nanaovany sisa teo. Nojerena ka nahitana faritra may ny satrony. Nifampitadiavana ny manodidina fa tsy hita izy. Efa maraina mihitsy vao nisy nilaza fa efa any an-tsena izy ary rehefa nanontaniana, dia nilaza izy fa tsy nisy zavatra tsaroany izay nahazo azy sy nialany teo amin'io toerana nahavoa azy io. Nisy may ihany tokoa ny lohany vokatry ny nanjo azy. Ankoatra an'io, ny sabotsy maraina tokony ho tamin'ny 8 ora maraina teo ho eo, dia nisy renim-pianakaviana iray nandroaka kisoa nandalo teo. Nitsoaka ilay kisoa, ka voatery nanenjika izany izy. Nirifatra nihazo ilay andry nianjera ilay kisoa ka nidona tamin'ny tariby ary maty teo no ho eo. Tsy nahalala na tsy nanampo ilay ramatoa, fa raha iny hamonjy ny biby fiompiny iny dia nahakasika koa ilay tariby ary may be koa ny lamosiny.

***Solohery***

### Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao :

TOKONY TSY HADINOINA FA NY CENI NO TOMPONANDRAIKITRA VOALOHANY NAMPIPOAKA IZAO HETSI-BAHOAKA IZAO :

Aleo aloha hazava tsara fa matoa misy izao hetsi-bahoaka izao dia nohon'ny hosoka sy halatra nisy tao @ CENI ary ny bemarenina nasehon'izy ireo . Efa rano raraka an-tany iny ka dia antso avo no ataon'ny vahoaka @ HCC @ izao fotoana ny hamoahana ny marina sy ny andinihan'izy ireo tsara mialohan'ny hamoahana ny vokatra ofisialy . Mazava ho azy fa raha toa mbola hitovy t@ lalana nizoran'ny CENI ihany no hisy dia mbola hanoatra lavitra noho izay efa misy ankehitriny ny HETSI-BAHOAKA hisy aoriana kely ary efa tena vonona ny vahoaka. Noho izany dia any @ HCC ny baolina @ izao fotoana na ny ho avin'ny firenena iray manontolo mihitsy . Izany hoe tomponandraikitra tanteraka izy ireo.

***Mamonjy Ny Rina***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

**SARIITATRA:** Izaho no jeneralin'ialahy fa tsy ny Praiministra




Lozam-pifamoivoizana

## Zaza 1 maty, 3 naratra mafy tamin'ny RN 45

Zaza 1 maty tsy tra-drano , 3 naratra mafy, vokatry ny lozam-pifamoivoizana tamin'ny lalampirenena faha-45 (RN 45), mihazo an' i Morondava iny. Fiarakodia mpitatitra kaoperativa Sonatra mihazo an'i Morondava avy aty an-drenivohitra no niharan-doza teo amin'ny sampanan-dalana mihazo an'i Beloha ny marainan'ny zoma, tsy fantatra mazava ny antony niavianan'ny loza fa raha ny nambaran'ny mpandeha dia nanitsaka ny hisatra mafy ity mpamily, ka nivadika ny fiara ary tafahodina mifanohitra amin'ny lalana nalehany dia ny nihazo an'i Morondava. Zazakely iray no maty tsy tra-drano 3 naratra mafy ary noentina haingana tany amin'ny hopitaly Morondava, anisan'izany ny Mpamily. Amin'izao fotoana izao, matetika ny loza mitranga noho ny harerahan'ny mpamily, eo ihany koa ny tsy fitandremana, ka lasa ny mpandeha no mahita faisana, ka ilana ny fitandremana hatrany.

***Serge***

Ambohidravaka Antanetibe Mahazaza

## Nahazo toeram-pitsaboana vaovao

Vokatry ny fiaraha-miasa teo amin'ny tsy miakina sy ny fitondram-panjakana dia nahazo toeram-pitsaboana CSB I ny fokontany Ambohidravaka ao anatin'ny kaominina Antanetibe Mahazaza distrikan' Ambohidratrimo. Notokanana omaly ity fotodrafitr'asa ity izay hamaha ny olan'ny mponina any amin'iny faritra iny. 15 Km miala ny renivohitry ny kaominina mantsy no misy ity fokontany Ambohidravaka ity ka zava-dehibe ho an'ny mponina any an-toerana ny fisian'io toeram-pitsaboana io satria ho afa-pahasahiranana ny mponina manomboka izao. Sahirana tanteraka mantsy ny mponina any amin'iny faritra iny hatramin'izay satria noho ny halaviran-toerana dia tsy afaka mamonjy hôpitaly ny mponina, manginy fotsiny ny vidim-panafody tsy takatry ny fahefa-mividin'ny mponina eny ambanivohitra. Nanamafy ny ben'ny tanànan' Antanetibe Mahazaza fa ilaina ny fikojakojana ny foto-drafitr'asa sy ny fanentanana ny mponina mba hanatona tobim-pahasalamana rehefa marary na mila fitsaboana haingana satria mamaly ny filan'ny mponina tokoa ny fijoroan'ity toeram-pitsaboana ity.

***Rajo***

Sakafo tamin'ny fety

## Olona maromaro voapoizina noho ny fihinanana "composé"

Olona 13 no tratry ny fanapoizinana ara-tsakafo tao Antsirabe ny Krisimasy lasa teo ary mbola misy tavela sy tsaboina ao amin'ny Hopitaly Atsimo hatramin'izany ny ampahan'ireo olona ireo, izay tena voa mafy tokoa. Raha ny fanazavana nentin'ilay Ramatoa iray izay vao hivoaka ny Hopitaly ny alatsinainy 31 Desambra 2018 lasa teo, dia ny alatsinainy 24 Desambra izy ireo no niantsena tao Antsenasabotsy ary nihinana sakafo masaka "composé", ireny. Madio sy voaaro tsara ilay toeram-pivarotana hoy hatrany izy ary efa fisakafoanany matetika. Nony tonga tany an-trano anefa izy raha ny nambarany dia nanomboka narary kibo ary nandoa sy nivalana ary nalemilemy be sy tsy afa-nihetsika teo am-pandriana. Ny alarobia dia tapa-kevitra nandeha hopitaly avy hatrany satria noheverina fa ny sakafo tao an-trano no tsy zaka na namparary azy. Akory anefa ny hagagany fa nambaran'ny dokotera fa tamin'ny olona 4 noraisin'izy ireo ary nitovy ny trangan'aretina. Teo dia samy nilaza sy nitadidy izy ireo, ka samy nilaza ho nihinana tao Antsenasabotsy avokoa. Nisy olona iray trano ireto narary ireto satria raha ity olona nanaovana fanadihadiana ity dia izy sy ny zanany no voa ary nisy kosa olona 4 iray trano mihitsy no tratra. Tamin'ny fotoana nandehanana teny amin'ny hopitaly Atsimo dia mbola nisy tavela tao amin'ny trano fameloman'aina mihitsy ireo narary ary mbola manaraka fitsaboana ny ampahany tamin'ireo olona 13 ireo. Andrasana indray izay tatitra avy ao amin'ny hopitaly amin'ity anio ity.

***Lezama***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**29/12/18 hatramin'ny 05/01/19**

- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85
- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 857-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FANIRISOA ERNAIVO

# Fahadisoana goavana no nataon'ny Praiministra sy ny Primatiora

Manoloana ny nitorian'ny Praiministra Ntsay Christian olona mpitolona maromaro, amin'ny fahamarinana amin'ny fifidianana dia maneho ny heviny mahakasika an'izany ny mpitsara Fanirisoa Ernaivo. Araka ny fanehoan-kevitr'i Fanirisoa Ernaivo, izay anisan'ireo olona fito notorian'ny primatiora ho nanohintohina ny fandriampahalemana sy ny filaminana



anatiny, dia fahadisoana goavana izao ataon'ny Praiministra miandany amina kandida iray izao, ka tokony hesorina eo amin'ny toerany izy hoy izy. Nahoana hoy izy no lazaina fa : "manohintohina ny filaminana anatiny ny olona manao hetsika am-pilaminana, zon'olombelona izany sa hadinonao nony tsy tao amin'ny BIT (Bureau International du Travail) ianao. Matoa tsy lavorary ny fifidianana niandraiketanao, fa feno hosoka dia tsy mahay ianao andriamatoa Praiministra, etsy andaniny noheverina ho tsy miandany sy manam-pahaizana ianao nefa lasa mitanila. Sambory daholo hono izahay fito satria hita taratra ny impuissance-nao manoloana ny fampibaribariana ny marina sy ny hosoka nataon'ny kandidànao."

***Ny Valosoa***

Fikambanana RF2 Amboditsiry

# Nanao fanamby amin'ny fanadiovana ny tanàna

Taorian'ny faran'ny taona 2018 lasa teo dia nivangongo ny fako sy ny loto teto an-drenivohitra sy ny manodidina. Tsy niandry ela ireo mpikambana ao amin'ny RF2 Amboditsiry ao anatin'ny boriboritany fahadimy eto Antananarivo renivohitra, fa avy hatrany dia nandray ny andraikiny avy hatrany. Nidina nanadio ireo mpikambana niarahan'ny RF2 sy ny AUE eny an-toerana, ka nanadio ny lakan-drano, nanala ireo lobolobo ary nanadio ny tatatra sy ny manodidina ihany koa. Niampy ihany koa ireo mpanadio, ka niakatra 16 izany tamin'ity indray mitoraka ity. Izao no natao hoy ny filohan'ny fikambanana, Ramanantenasoa Marie Claudine dia ho fanatratrana ny tanjon'ny fikambanana hoe: ho tanàna madio hatrany ny eny anivon'ny fokontany na aloha, na aorian'ny taom-baovao no tanjona. Tsy mijanona hatreo akory ny hetsika raha ny nambaran'ity filohan'ny fikambanana ity, fa hotohizana hatrany izany. Tsy ny sehatry ny fahadiovana ihany no sahanin'ity fikambanana ity, fa ny ezaka fanaovana saribao, ny famadihana ny fako ho zezika hampidi-bola ny fikambanana, fa eo ihany koa ny hetsika samihafa ho fampandrosoana ny fikambanana amin'ny ankapobeny.

***Rajo***

KMF/CNOE, Justice et Paix, Liberty 32

# Maro ny lesoka tokony harenina amin'ny fifidianana


Mahatsapa ireo fiarahamonim-pirenena nanaramaso ny fifidianana filohan'ny Repoblika fihodinana faha2 teo dia ny KMF/CNOE, ny Justice et Paix ary ny Liberty 32, fa misy ny fomba fanao tsara tamin'ny fifidianana, nefa misy koa ny lesoka tokony harenina hanatsaràna ny fifidianana amin'ny ho avy. Ny volampanjakàna no tokony hampiasaina betsaka kokoa amin'ny fifidianana, amin'ny maha raharaham-pirenena ny fifidianana satria efa fantatra foana fa hisy ny fifidianana isaky ny 5 taona. Ny fanitarana ny fe-potoanan'ny fampielezan-kevitra dia ahafahana mametra ny fampiasàna vola mihoa-pampana. Ilaina ihany koa ny fanajàna ny fisaraham-pahefana, mba hisorohana ny fitsabahan'andraikitra eo amin'ny firehana politika sy ny asam-panjakàna. Mila atao laharam-pahamehana ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana. Antoky ny filaminana sy ny fitoniana eto amin'ny firenena ny tsy fitanilàna eo amin'ny fampiharana ny lalàna, koa matoky ny HCC izahay hoy ireto fiarahamonim-pirenena ireto, mba ho fototry ny fifampitokisana amin'ny fifidianana. Fa ny mahagaga dia tsy nahitan-teny ireto mpanaramason'ny fifidianana ireto mikasika ny hosoka sy ny halabato be vata niseho tamin'iny fifidianana fihodinanana faha 2 iny, izay misy porofo avokoa.

***Helisoa***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 264**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0263)

***Mitsivalana***
- Voalavo
- Rary – Vay
- Azonay
- Zanakao
- Ana – Il
- Na – Tsaho (Miv)
- Olonao

***Mitsangana***
- Razana
- Vazana
- Orona
- Aina – Lo (Miv)
- Akoho
- Avia – An
- Va(ry) – Asio (Miv)
- Dio (Miv) – Oty (Miv)

### TENY MIFANARAPAKA N° 264




**Mitsivalana**

**1.** Mifanakaiky **2.** Ahodina (BR) – Hekitara **3.** Manam-pahefana, loholona **4.** Esorina – Firinga (Miv) **5.** Noraisinareo **6.** Haja sy voninahitra **7.** Mpanoritra (Miv) – Tsiron-kanina – Zanak'i Dada **8.** Aro orana – Mosary (Miv) **9.** Anelanelan'ny nono – Omby – Karatra **10.** Fijerea, fitiliana

**Mitsangana**

**A.** Manao vazivazy – Taova (Miv) **B.** Maharitra – Reny **D.** Hatsiaka **E.** Antsiben'Andriamanitra – Tsy sarotra **F.** Nampianatra sy nanabe – Mari-bola **G.** Tonia (BL) – Notolorana **H.** Iray sy iray – Voankazo (Miv) **I.** Santionany **J.** Mampisafidy – Toerana (Miv) – Nandray (Miv) **K.** Vahoaka – Sary tapaka

### Valiny Teny mifanaraka 0263

**Mitsivalana**

1 Miarahabe 2. Avia - Lio (Miv) 3. Nanidina 4. Oh 5. Hianatra 6. In - Aiza ? 7. Tiana - Ilo 8. Raharaha 9. Avana - To (Miv) 10. Tsiranana

**Mitsangana**

A. Manohitra B. Iva - Ainy (Miv) D. Ainga - Saha (Miv) E. Ray - Nanavy F. Dia - Rora (Miv) G. Hay - To - Ana H. Nary - Han I. Boa - Azia J. Ai (Miv) - Al(a) - On(y) K. Loha - Atao (Miv)

# HO HAMAFISINTSIKA
# FA ISIKA
# TSY MANAIKY
## NY HALATRA sy NY HOSOKA




HIJORO ISIKA HIARO NY FAHAMARINANA

# ANDAO HIFAMOTOANA

ny sabotsy 05 janoary 2019
amin'ny 10 ora eny amin'ny

# Kianjan'ny 13 mai

ISIKA MITAKY NY RARINY. NY MARINA MARINA IHANY.